

**ANDRO NIHAONANAN'NY ASSOCIES MPANDRINDRA NY  
CONFERRE**

**(Fivondronan'ny Lehiben-dreljiozy lahy sy vavy **CHILI**)  
Ny Sabotsy 11 Mey 2019**

***Lohahevity ny fihaonana : 'Miombona amin'ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fikambanana iray'***

- Masera telo : Nelly, Maria Elena ary Emma,
- Lahika efatra mpandrindra ny Associés n'ny Fikambanana : Eva, Marcela, Ana ary Lucía,

No nisolo tena ny fikambanantsika tamin'io fihaonana io.

**Ana Rojas, Associée n'ny vondron'i Mb Christine**



**Inona no atao hoe 'Fanomezam-pahasoavana' iray'**

Ny fanomezam-pahasoavana dia fanomezan'ny Fanahy Masina, zaraina mba ho tombon-tsoa sy hampiasain'ny vahoakan'Andriamanitra, mandritra ny tantara. Ny fanambin'ny fihavaozantsika sy ny fanorenana Fiagonana mijoro ho vavolombelon'ny Fitiavan'Andriamanitra eo amin'izao tontolo izao ankehitriny.

*Associés n'ny Sœurs du Christ, aoka omentsika lanja ny lâlana efa nodiavina hatramin'ny voalohany, amin'ny figohana ny loharano tsy ritran'ny fiainana : fijoroana ho vavolombelon'i Jesoa Kristy Tompontsika*

Aoka hiaiky isika ny asan'ny Fanahy Masina azo tsapain-tànana teo amin'ny tantaram-pikambanana izay miantsika mba ho : " *Mpanorina ny maha iray amin'izao tontolo izao miaina fotoan-tsarotra sy misara-bazana* » ary ' *mamondrona ny zava-drehetra ao amin'i Kristy* ''.

- mahazo ny halehiben'ny zava-boaary sy ny antson'Andriamanitra mba hikajy izay rehetra misy
- mahazo fa isika rehetra dia mpandray anjara, samy tompon'antoka. Ny tsirairay samy mitondra ny tsara avy aminy : lahika/relijiozy. Firotsahana itambarana izay ivelomann'ny tsirairay amin'ny alàlan'ny vavaka, miaina ny Vaovao Mahafaly sy mampita ny Fitiavana sy ny Famindram-on'Andriamanitra amin'ny asa maro sahanina amin'ny andavanandro.
- Mitaky fitantanana mitohy sy fiofanana manaraka toetrandro io lâlana io.
- Ny anjara asantsika itambarana dia famoroanana kolon-tsaiana vaovaon'ny fiahaonana : miaraka amin'Andriamanitra, ao anaty fahanginana, fibanjinana, miaraka amin'ny hafa, amin'ny fifanajana, famelana, fampihavanana, ao anatin'ny asa tompon'andraikitra iarahana amin'ny besinimaro, ao anatin'ny firotsahana tsy mivadika miaraka amin'izao tontolo izao sy ny Fiagonana-miombona : mba "ho Iray anie isika rehetra".

## *Inona no mampifandray antsika amin'ny Fikambanana, toy ny 'fianakaviana', miaina fanomezam-pahasoavana iray ?*

Ny mampifandray : ny fomba ifandraisantsika amin'ny fanomezam-pahasoavana, amin'ny zava-nitranga mpanorina, ary ny fomba fifandraisantsika.



*Inona ny mapiavaka antsika ? Miaina amin'ny maha-antsika antsika, fahavitrihana manetsika iarahan'ny relijiozy sy ny lahika.*

Ny loharanon'ny fanomezam-pahasoavana, ireo mpanorina ary isika antsoina hivelona ny fanomezam-pahasoavana toy ny fianakaviana iray rà : mandray sy manampy ireo anatin'ny filàna, toy ny 'tetezana' mampifandray ny olona izay miaina zava-tsarotra...

Ny fifandraisana dia zava-dehibe mandrakariva hatramin'izay ka hatramin'izao. Tena zava-dehibe ny mampirisika toerana ho an'ny fifandraisana mba tsy ho simba izy. Asan'ny tsirairay ary izany no maha zava-dehibe ny tsirairay. Tokony miverina mandrakariva amin'ny fanomezam-pahasoavana isika, amin'izay tokony atao, ahoana ny fomba fanaovana azy ary ahoana ny ifanatrehana ary tsy hadino na oviana na oviana fa ny fahasamihafana dia harena. Tokony ho fantantsika ny haren'ny lahika voaantso hizara ny fanomezam-pahasoavana sy manompo ny fanomezana manokan'izy ireo

## *Ahoana no ametrahana ny fanomezantsika hanompoana ny olon-drehetra sy ny Fianganana?*

- Ny fahaiza-mamorona dia iaianana avy amin'ny fanomezam-pahasoavana
- Fampiroboroboana ny fifandraisana maha-olona, ny tsirariary dia mila ny hafa hanampy azy mba ho amin'ny tsara, hahafantatra hoe iza izy. Mitazona mafy ny toe-tsaina maha-mpanompo
- Miasa amin'ny maha samy tompon'andraikitra, mampiroborobo ny vinavina iombonana sy ny toe-panahy mampirotsaka ny tsirairay amin'ny ho avin'ny Fikambanana
- Mametraka tsara izay fandrosoana vita : inona ireo zavatra tontosa nisongadina amin'ny fanorenana ny Fianakaviana miara-miana ny Fanomezam-pahasoavana
- ny maha zava-dehibe amin'ny fifndraisana velona, eo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra-raha akapoka dia isika tsy maso ivohom-pirenena isika fa ny fisantsika dia toy ny mpaminany. Ny hoe mpaminany dia mitory ny vaovao mahafaly. Fianakaviana miara-miaina fanomezam-pahasoavana isika ary mpiara-miombon'antoka amin'ny asam-panirahana iomboanana.
- Ny tanjontsika dia ny Fiangoanana Fiombonana, tsy hadino fa ny fiombonana dia efa notontosaina tamin'ny alalàny sy ao amin'i Kristy. Mitazona ny fifanentanan'ny dia, ny vavaka sy ny fandanjalanjana ary mamaritra ny tanjon'ny lèlana. Manao ny zava-drehetra mba ho olona iray sisa tazana dia JESOA.

**Mitazona ao an-tsaina fa misy hafa miaina io fanomezam-pahasoavana io any amin'ny firenenan-kafa.**



Marcela, Lucia, Sr María Elena, Eva, Sr Emma, Sr Nelly, Anita



Ana Rojas



Lucia Pinilla



Sr Nelly sy Sr María Elena



Marcela Lemus